



Nataon'ny Loholona James B. Martino
Ao amin'ny Fitopololahy

Ny Zavatra rehetra dia Miara-miasa mba Hahasoa

Mety tsy ho fantatsika eto amin'ity fiainana ity mibitsy ny antony hiatrehantsika ny zavatra mabazo antsika kanefa afaka manana fahatokiana isika fa hampivoatra antsika izany traikefa izany.

Fony aho tovolahikely dia tsy andriko foana izay ahatangavan'ny lohataona ao anatin'ny taona. Rehefa mihamafana ny andro dia efa vonona aho ny hanomboka hilalao baseball. Toy ireo tovolahikely rehetra dia nannam-paniriana aho ny mba ho tonga mpilalao baseball mahay be. Tsaroako ny tantaran'ny tovolahikely izay nanana faniriana toy izany koa. Noho ilay faniriany ho lasa mpilalao mahay indrindra manaraka indray dia nanapa-kevitra ny hivoaka teny ivelany izy ary hanao fanazaran-tena. Notazoniny teny antanany iray ilay baolin'ny baseball ary ilay fikapohana tamin'ny tanana ilany ary natsipiny ambony ilay baolina. Noho ny faniriany hikapoka faran'izay lavitra indrindra vitany an'izany baolina izany, dia nihodina hikapoka tsara izy kanefa nilatsaka tamin'ny tany ilay baolina ary tsy nahakasika ilay hazo fikapohana akory. Tsy kivy izy ka namerina izany indray. Rehefa handeha hanipy ambony ilay baolina izy dia nitombo ny fahavononany rehefa tonga tao an-tsainy ny kapoky ny baolina iray izay tena

mafy. Indrisy anefa, fa nitovy tamin'ny teo aloha ihany ny vokatra. Nianjera tamin'ny tany fotsiny ilay baolina. Kanefa araky ny efa fantatr'ireo mpilalao baolina dia manana fahafahana hanao izany in-telo ianao izay vao havoaka. Niezaka ny nifantoka kokoa izy, nanipy ilay baolina ambony ary nihodina nika-poka faran'izay mafy vitany hatramin'izay. Raha mbola nianjera tamin'ny tany indray ilay baolina dia nanomboka nilatsaka ny ranomasony, kanjo tampoka teo dia nisy tsikitsiky niseho, ary niteny izy hoe: "Tena mpanipy baolina mahay aho!"

Hiatrika fitsapana sy fizahan-toetra isika tsirairay avy ary arak'ity ohatra tsotra ity dia izany no fihetsika asehontsika manoloana ireo olana izay hamaritry ny fahombiazantsika sy ny fahasambarantsika. Tsy maintsy hisedra olana isika tsirairay avy na aiza na aiza toerana misy antsika. Ampianarina avy ao amin'ny soratra masina isika fa "tsy maintsy ilaina ny hisian'ny fifanoherana amin'ny zava-drehetra."¹ Tsy maintsy hiatrika fotoan-tsarotra isika tsirairay avy ary ny fanontaniana dia tsy hoe rahoviana isika no hiatrika izany fa kosa hoe ahoana no fomba hiatrehantsika azy ireny.

Nampianatra lesona hafa kely ny Apôstôly Paoly taona vitsivitsy fotsiny talohan'ny niatrehan'ireo Olomasina tao Rôma ny fanenjehana faran'izay mafy indrindra tamin'ny vanimpotoan'ny Kristiana hatramin'izay. Nampahatsiahy ny Olomasina i Paoly fa "ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra."² Ny Raintsika any an-danitra, izay tia antsika fatratra, dia mamela antsika handalo ireo zavatra ireo mba hahafahantsika mampivoatra ireo toetra izay ilaintsika mba hitoviana bebe kokoa amin'i Kristy. Ny fitsapana mahazo antsika dia miseho amin'ny endrika maro samihafa saingy ny tsirairay amin'izy ireo dia hamela antsika hitovy bebe kokoa amin'ny Mpamonjy rehefa mianatra ny mamantatra ny tsara avy amin'ny zavatra tsirairay niainana isika. Rehefa takatsika izany fotopampianarana izany dia hahazo fahatokiana lehibe kokoa amin'ny fitiavan'ny Raintsika isika. Mety tsy ho fantatsika eto amin'ity fiainana ity mihitsy ny antony hiatrehantsika ny zavatra mahazo antsika kanefa afaka manana fahatokiana isika fa hampivoatra antsika izany traikefa izany.



Ankehitriny dia tsapako fa mora ny manao jery todika rehefa lasa ireo fitsapana sy mahita ny zavatra nianarantsika avy tamin'izany zavatra niainana izany, kanefa ny fanambly dia ny hahazoana ilay fomba fijery mandrakizay dieny mbola eo am-piatrehana ny fizahan-toetrantsika isika. Ho an'ny sasantsasany dia tsy dia manao ahoana loatra ny fitsapana lalovantsika fa ho antsika tsirairay izay miaina izany zavatra izany dia tena misy ny fitsapana ary mitaky fanetren-tena eo anatrehan'Andriamanitra avy amintsika sy ny fianarana avy Aminy.

Mahatsiaro ny fiainan'ny Mpamonjy isika amin'izao Alahadin'ny Paska izao. Izy no iriantsika ho arahana amin'izay zavatra ataontsika rehetra. Mamela ahy ianareo hilaza zavatra dimy izay azon-tsika ianarana avy amin'ireo ora farany teo amin'ny fiainan'ny Mpamonjy teto an-tany izay afaka hanampy antsika hiatrika ireo fitsapana lalovantsika.

Voalohany, tsy nikatsaka ny hanao ny Sitrapony Izy fa ny sitrapon'ny Rainy ihany. Nitoetra foana tao anatin'ny fanoloran-tena hanatanteraka ny Iraka masina nampanaovina Azy Izy na nandritra ireo fotoam-pitsapana aza. Rehefa niankohoka tamin'ny tany Izy tao amin'ny Sahana'i Getsemane dia nangataka hoe: "Raiko ô, raha sitrakao, dia esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao."³ Indraindray misedra fanaintainana sy fahoriana isika mba hahafahana mivoatra sy hivononana amin'ny fiatrehana fitsapana mbola ho avy. Mameraka fanontaniana aminareo aho ry reny: "Hanao zavatra izay hampijaly sy hampitomany ny zanakareo ve ianareo raha toa ka tsy nanao fahadisoana akory izy ireo?" Tena hanao ianareo! Ny reny tsara rehetra dia mitondra ny zanany kely any amin'ny mpitsabo mba hahazo tsindrona fiarovana ary saika mivoaka ny toeram-pitsaboana amin-dranomaso daholo ny zaza tsirairay. Inona no antony anaovanareo izany? Satria fantatrareo fa ny fanaintainana kely ankehitriny dia hiaro azy ireo amin'ny fanaintainana sy fahoriana izay mety hitranga amin'ny hoavy. Fantatry ny Raintsika any an-danitra ny farany hatramin'ny voalohany. Mila manaraka ny ohatry ny Mpamonjy sy mahatoky Azy isika.



Faharoa, tokony hianatra ny tsy hitarina na himenomenona isika rehefa miatrika fitsapana. Toy izao no nolazain'i Nefia taorian'ilay fahitana lehibe hitany mikasika ny sorompanavotan'ny Mpamonjy: "Koa karavasiny Izy ary miaritra izany; ary asiany Izy, fa miaritra izany. Eny, rorany Izy ary miaritra izany noho ny lemim-panahiny sy ny fitiavany ary ny faharipony amin'ny zanak'olombelona."⁴ Tokony hiezaka foana hamaha ny olana isika sy handresy ny fitsapana, ka raha toa ny fanontaniana toy ny hoe: "Nahoana no izaho?" na "Inona no nataoko no tratra izaho?" dia angamba tokony hoy toy izao izany: "Inona no hataoko? Inona no azoko ianarana avy amin'ity zava-mitranga ity? Inona no tokony hovaiko?"

Taona maro lasa izay nandritra ny asa fanompoana nataonay mivady tany Venezuela, dia nandao ny sekoliny izay tsara ny zanakay faralahy mba hanaraka anay. Tsy nitaraina izy, kanefa hita ratra fa sahirana rehefa tao amin'ity firenena ity izay vaovao taminy ny zavadrehetra. Kanjo nivadika ny fizotran'ny tantara, lasa fitahiana lehibe ho azy teo amin'ny fiainany izany fitsapana izany. Tamin'ny alalan'ny fanovany ny toetra ny sy ny fanapahany hevitra hahita fahombiazana no nahatanterahany izany.

Fahatelo, mila mikatsaka fanampiana lehibe avy amin'Andriamanitra isika rehefa miatrika ireo olantsika. Na dia ny Mpamonjy antsika rehetra aza dia tsy maintsy nila nivavaka "mafimafy kokoa" rehefa tao amin'ny Sahana'i Getsemane Izy.⁵ Raha manao izany isika dia afaka hianatra ny hahazo finoana lehibe kokoa. Tokony ho tsaroantsika fa matetika ny valiny

omen'ny Raintsika any an-danitra dia tsy manala ilay fitsapana fa manampy antsika kosa hatanjaka eo am-piatrehantsika izany. Toy ny nataony tamin'ireo mpanara-dia an'i Alama, ny Tompo dia afaka "[manamaivana] koa ny enta-mavesatra izay apetraka eo an-tsorokareo, ka tsy hahatsapa izany ny lamosinareo."⁶ Mandritra ny fitsapana dia aoka isika tsy ho kizitina na handa tsy hanolo-tena, fa aoka isika hanaraka ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy dia ny ho matotra kokoa, sy hahitsy toetra kokoa ary ho mahatoky kokoa.

Fahaefatra, mianara manompo sy mieritreritra ny hafa na dia mandritry ny fotoam-pitsapana aza. I Kristy no ohatra lehibe indrindra eo amin'ny fanompoana. Rakotry ny ohatra amin'ny fanampiana sy fanompoana ny hafa ny fiainany, ary ny fanomezana lehibe indrindra natolony ho antsika rehetra dia ny nataony ho antsika. Hoy izy hoe: "Fa indro, Izaho Andriamanitra dia efa nijaly tamin'ireo zavatra rehetra ireo ho an'ny rehetra, mba tsy hahatonga azy ireo hijaly raha mibebaka."⁷ Tokony hibebaka isika ary avy eo dia hanaraka ny ohatra nasehony teo amin'ny lafin'ny fanompoana. Rehefa manompo ny hafa isika dia manadino ny olana atrehintsika ary amin'ny alalan'ny fanamaivanana ny fanaintainana na ny fahorian'ny hafa dia manatanjaka ny tenantsika isika.

Nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana nataontsika farany, ny Mpaminany malalantsika, ny Filoha Thomas S. Monson dia nilaza hoe: "Inona no zavatra natao[n-tsika] ho an'ny hafa androany?" Mbola notohizany izany hoe: "Mino aho fa ny Mpamonjy

dia miteny amintsika fa raha tsy mirosaka tanteraka ao anatin'ny fanompoana ny hafa isika dia tsy dia misy tanjona firy ny fiainantsika. Ireo izay miaina ho an'ny tenany fotsiny ihany dia manjary mihen-danja tokoa ara-pahy ary toy ny mamoy ny ainy ireny mihitsy aza, fa ireo izay mirosaka tanteraka ao anatin'ny fanompoana ny hafa dia mivoatra sy miroborobo—ary mamonjy ny ainy vokatr'izany.”⁸

Fahadimy, mamela ny hafa ary aza manome tsiny ny hafa noho ny zavatra mitranga eo amintsika. Indraindray dia tiantsika ny miteny hoe: “Raha tsy nanao izany tamiko izy ireo dia tsy ho nanao izao aho.” Ny olona araka ny nofo dia manana ilay fahazarana manome tsiny ny olon-kafa mba hialana tsy ho tompon'andraikitra amin'izay zavatra nataony. Nijery ireo izay namantsika Azy teo amin'ny hazo fijaliana ny Mpamonjy ary nangataka tamin'ny Rainy ny mba “[h]amelà[ny] ny helony, fa tsy fantany izay ataony.”⁹ Tsy mba afaka ny hamela bebe kokoa ve isika?

Rehefa miatrika ny fitsapan'ny fiainana isika dia aoka hitazona ilay tanjona mandrakizay. Aoka isika tsy hitarina ary aoka isika hivavaka mafimafy kokoa sy hanompo ny hafa, ary hifamela. Raha manao izany isika dia “[h]iara-hiasa hahasoa [antsika] izay tia an'Andriamanitra ny zavatra rehetra.”¹⁰ Mijoro ho vavolombelona marina aho fa tia antsika ny Raintsika, ary nandefa ny Zanany lahy izy mba hampiseho sy hanamboatra ny lalana izay tokony hizorantsika. Nijaly Izy, maty Izy ary nitsangana tamin'ny maty mba hahafahantsika ho velona ary maniry ny “mba hahazoa[ntsika] fifaliana”¹¹ Izy, eny na dia mandritra ny fotoam-pitsapana eo amin'ny fiainantsika aza. Ataoko izany amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■

FANAMARIHANA

1. 2 Nefia 2:11.
2. Romana 8:28.
3. Lioka 22:42.
4. 1 Nefia 19:9.
5. Lioka 22:44.
6. Môsia 24:14.
7. Fotopopampianarana sy Fanekempihavanana 19:16.
8. Thomas S. Monson “Inona no Zavatra Nataoko ho an'ny Hafa Androany?” *Liabona*, Nôv. 2009, 85.
9. Lioka 23:34.
10. Romana 8:28.
11. 2 Nefia 2:25.



Nataon'ny Loholona Gregory A. Schwitzer
Ao amin'ny Fitopololahy

Mampivelatra ny Fahazavana Mandanjalanja ary tsy Mitsara ny Hafa

Ny fahazavana mandanjalanja dia tsy hoe ilaina amin'ny fabatakarana mikasika ny olona fotsiny fa koa amin'ny fiatrehana fanapahan-kevitra izay matetika na mampanatona antsika na mampanalavitra antsika amin'ny Ray any an-danitra.

Isika dia miaina eto amin'ny tontolo iray izay ahitana toe-javatra iainana maro mitaky antsika hahay handanjalanja, izay matetika sarotra. Kanefa ny Mpamonjy dia nanome antsika ny didy hoe “aza mitsara” ireo mpiara-belona amintsika.¹ Ahoana no ahafahantsika manao izany ary mbola mila mahay mandanjalanja indray avy eo ao anatin'ity tontolo rakotry ny fahadisoam-pantenana sy fahalotoana ity? Isika dia tsy maintsy mahay mandanjalanja tsara rehefa mandray fanapahan-kevitra lehibe eo amin'ny dingana tsirairain'ny fiainany; toy ny fisafidianana ireo namana, fitadiavana ilay ho vady mandrakizay, na ny fisafidianana asa atao izay sady hanome fahafahana antsika hikorakora ny fianakaviansika no hanompo ny Tompo. Na dia mangataka antsika ny tsy hitsarantsika ny hafa aza ny Mpamonjy dia manantena antsika kosa mba hahay handanjalanja tsara Izy.

Matetika isika no tonga dia mitsaratsara be fahatany ny olona, izay mety hanova na hamaritra indray ny karazan'ny fifandraisantsika amin'izy ireo. Matetika misy ny fanaovana fitsarandiso noho ny tsy fahampian'ny fahalalana na satria tsy hitantsika ny any ambadik'ilay zavatra izay tonga dia eo anoloantsika eo.

Mba hanazavana izany dia misy tantara faheno matetika mikasika ny fotoana iray nitsidihan'i Jesoa ny tokantranon'i Maria sy Marta, izay nipetraka tany Betania niaraka tamin'ny anadahiny Lazarosy. Toerana mahafinaritra ny Mpampianatra izany, izay ahafahany maka aina sy mankafy ny tontolo manodidina an'ilay tokantrano hahatsapana fahamarinana. Nandritra ny fitsidihany indray mandeha dia sahirana nikarakara sakafo i Marta, fa i Maria kosa nisafidy ny hipe-traka eo an-tongotry ny Mpampianatra mba handray torolalana avy Aminy.